# ALAHADY - SAMPANKAZO - TAONA A 2026



## *FANDINIHANA NY FIJALIAN'NY TOMPO*

Ry Kristianina havana, miditra amin'ilay herinandro lehibe amin'ny tantaram-pamonjena antsika isika amin'izao Alahady fahatsiarovana ny nidiran'i Jesoa tamim-boninahitra tao Jerosalema izao, izany hoe ny Alahadin'ny Sampankazo araka ny mahazatra antsika. Araky ny averimberina matetika amintsika rehefa mankalaza isika noho ny asan'ny Fanahy Masina dia tsy hoe mahatsiaro fotsiny ny zavatra nitranga tamin'izany fotoana izany isika fa noho ny fanentanan'ny Fanahy masina dia mivelona izay ankalazaina ary dia izany no irin'ny Eglizy sy anentanany antsika amin'izao Herinandro masina izao fa indrindra isika miatrika izao zava-misy na eo anivon'ny firenena ary indrindra eo anivon'ny firaisam-pirenena izao.

**Vakiteny I :** Iz. 50, 4-7
**Tononkira :** Sal. 21,
**Vakiteny II :** Fi1. 2, 6-11
**Evanjely :** Mt. 26, 14 – 27, 66

Tamin'ny alahady lasa teo dia efa nivelona araka izany fanentanan'ny Fanahy izany dia ny pélérinage de la Montagne des Français isika. Isaorana ireo Tompon'andraikitra amin'ny Radio faniry niezaka nampiaina ny fotoam-bavaka manontolo ka afaka nanao lalan'ny hazofijaliana isika ary nofaranantsika tamin'ny fankalazana ny Eokaristia toy ny fanaontsika isan-taona. Tena marina tokoa fa samy nahatsapa isika fa mahery ny vavaka ary

mampiombona. Mila vavaka izao androntsika izao. Tena marina tokoa ary mbola manana ny lanjany ny Teny Fanevan'ny Kongresy Eokaristika : « Mpiray Tampo, Olo Araiky izy jiaby… Fihavanana no hanasitrana izao rehetra izao...”.. Aoka àry isika hibebaka araka ny hafatr'I Md Paoly io ka hanatona an'I Jesoa. Izao herinandro masina izao no fotoana tsara ka hiaraka hanao hiaka amin'ny fo isika hitalaho ny famindrampon'Andriamanitra.

Miditra ao Jerosaleman Jesoa. Jerosalema tanana masina,–tananan'ny fiadanana. Tsy aiza i Jerosalema fa ny fontsika, ny fianakaviana eglizy kely, ny fiaraha-monina, ny tananantsika, ny diosezintsika, Madagasikara, izao tontolo izao, ny Eglizy…. Ireo Jerosalema maniry ho tanana masina, masina izany hoe misy an'Andriamanitra. Io indrindra no ampahatsiahivan'I Papa François tamin'ny COVID raha ny oriory izao tontolo izao tahaka amin'izao fotoana izao. Tsy matory I Jesoa fa ny finoantsika no matory noho ny antony maro ka nanilikilika an'Andriamanitra. (Jereo io 1Tes 5, 6 io fa efa voalazan'I Md Paoly izany : Aza mba matory tahaka ny sasany isika, fa aoka hiari-tory sy hifady hanina. Aoka hifoha isika ka hitsangana hivery hiverina amin'ny Tompo dia Izy hanasitrana antsika ka zary Jerosalema tokoa ny fiainantsika. Anisan'ny lalana amin'izany hoy I Md Paoly ny fifamelan-keloka sy fampanjakana ny famindram-po. Ireo, hoy ny Papa François no lalana mitondra amin'ny fandriam-pahalemana sy fiadanana. Nampahatsiahivako antsika io tamin'ny Alarobian'ny lavenona raha hanomboka izao karemy izao isika.  I Papa Léon faha XIV kosa no manentana antsika aoka tsy ny hanina fotsiny no fadiana fa halaviro ny teny mandratra sy manimba olona... Aoka isika hoy izy hanorina tetezam-pifandraisana fa handrodana kosa izay mety rindram-pisarahana.... Izany no tanteraka dia ao amin'i Jesoa....

Niara-dia tamin'i Jesoa ireo vahoaka marobe niditra tao Jerosalema. Nandray azy ho mpanjaka. Mpanjaka tokoa izy, miditra amin'ny renivohitry ny fanjakany dia i Jerosalema ilay tanànan'ny fiadanana, tanàna masina, ka isika koa ry Kristianina havana miaraka amin'i Jesoa isika androany miditra ao Jerosalema mihorakoraka miaraka amin'ireo Jody tamin'izany fotoana izany ka manao hoe : HOZANA HOZANA. Rehefa mahomby ny asa tanterahintsika dia tsy mitsahatra isika ny mihoby, fantaro koa anefa ry Kristianina  havana fa io no tena zava-dehibe sy fototry ny fampianarana tian'ny Eglizy hosainintsika androany. Raha i Jesoa miditra ao Jerosalema dia midika fa miditra amin'ny famonjena antsika izy. Manomboka amin'izay fankalazana ny fidirany tao Jerosalema izay ny Herinandro masina izay ho vakivakiantsika. Hohenointsika tsara ireo Tenin'Andriamanitra hovakina amintsika mandritra an'izany fotoana izany mba ho tonga nofo ao am-pontsika amin'izay dia hiara-miditra amin'i Jesoa ao Jerosalema koa isika izany hoe miara-maty Aminy amin'ny fahotana ka miara-mitsangana Aminy velona eo anivon'ny fianakaviam-ben'Andriamanitra Olo Araiky isika jiaby...

Ny fidiran'i Jesoa ao Jerosalema dia manambara fa tsy lavitra Izy, izany hoe miditra amin'ny fiainantsika, ilay Jerosalema tanàna masina, tanànan'ny fiadanana. Izany  fidirana amin'ny fiainantsika izany dia mitondra ny famonjena satria nivoaka teo anivon'ny Trinite Masina ka tonga olombelona. Izy izay tsy nanota nanaiky ho fahotana mba hanafaka antsika amin'ny

fahotana. Hanatanteraka izany iraka izany izao herinandro lehibe izao. Raha manaiky ny hiara-miditra Aminy isika dia Izy hamono ireo fahotana izay mikiky ny fiainantsika ka mahatonga an'ireny korontana, adiady sy herisetra ireny. Lasa mifanipaka toy ny valala an-karona isika ka mifanapotika, izay no anton'ny nidiran'i Jesoa amin'ny fiainantsika mba hanapotika an'ireny fahotana ireny, nanaiky ho fahotana Izy izay tsy mpanota mba hanafaka antsika amin'ny fahotana. Izy tonga mba hampihavana ka hihavao ny fifandraisana na amin'ny zava-boary na amintsika samy isika na amin'Andriamanitra.

Ry Kristianina havana ny dikan'izao fankalazana am-panahy ny sampankazo izao dia manambara ny finoantsika an'i Jesoa ilay hiditra amin'ny fiainantsika tokoa ary izany no irintsika amin'izao fankalazana ny herinandro masina izay mifanojo amin'izao fotoana sarotra izao. Jesoa mpiara-belona amintsika no hanapotika an'izay ratsy rehetra ka hanangana antsika amin'ny tsara ary ny tsara no mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra. Miara-belona amintsika Izy, miara-miaina amintsika, miara-dàlana amintsika ka miroso hatrany isika amin'izao fidirantsika amin'ny herinandro masina izao.

Izany no ambaran'ireo tenin'Andriamanitra amintsika amin'izao Alahadin'ny Sampankazo izao : ny Vakiteny voalohany dia ny tantaran'Izaia mpaminany manambara fa i Jesoa dia tsy lavitra antsika fa nandray ny rofintsika rehetra «*Tsy nafeniko tamin'ireo nandatsa ahy ny tavako ary fantako fa tsy ho menatra aho »*

Ny Andriamanitsika dia Andriamanitra nandray ny rofintsika rehetra, izay rehetra mahamenatra antsika dia ny fahotana izany, avy amin'ireny no nipoiran'ny famonjena eo amin'ny fiainantsika rehetra. Fampianarana velona ho antsika izany ka aza matahotra isika miatrika ireny adim-piainana sy fanapotehana isan-karazany ireny. Aoka isika ho vavolombelona tsy hatahotra sy tsy ho menatra hanambara mandrakariva ny finoantsika.

Nanamafy koa i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa taratasy ho an'ny Filipianina nilaza fa nanaiky nilatsaka amin'ny farany ambany i Jesoa mba handray antsika rehetra sy mba hampiakatra antsika ho eo amin'ny fiainana tsaratsara kokoa dia tsy inona fa ny hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra : *« Manana ny toetra maha Andriamanitra azy tokoa i Jesoa nefa tsy noheveriny ho izay no zava-dehibe fa nialany izany ka naka ny fomban'ny mpanompo izy mba hanandratra antsika ho zanak'Andriamanitra »* Izany tokoa ny lalana tsy maintsy hizorantsika amin'izao fidirantsika amin'ny herinandro masina izao : manana fanetren-tena, manaiky ho mpanompo hanasoa ny hafa, izany no dikan'ny famonjena fanasoavana antsika. Ny hanasoa ny hafa tokoa no antom-piainantsika amin'ny maha-kristianina antsika**.**

Ry Kristianina havana, ny Evanjely androany dia lava be satria vakiana daholo ny tantaran'ny fijalian'i Jesoa, izany hoe ny fanompoan'i Jesoa antsika ilay nidinany amin'ny farany ambany. Hitantsika ireo sokajin'olona maro samihafa niaina sy niatrika nanomboka tamin'ny nihobiana an'i Jesoa ho mpanjaka ka hatramin'ny namantsihana azy teo amin'ny hazo

fijaliana. Io no tian'ny Eglizy ho tsapantsika matoa novakiana manontolo ny Evanjely androany na dia lava aza.

Ry Kristianina havana, aiza amin'ireo olona maro samihafa ireo ny misy antsika ? Ao ireo Jody izay nanao hoe : " HOZANA, HOZANA" nefa avy eo nanao koa hoe "FANTSIHO, FANTSIHO", aiza no misy antsika ? Tahaka an'i Piera izay nandà in-telo kanefa nibebaka ihany koa ve sa tahaka an'i Jodasy izay namadika? …. Ao koa ireo vahoaka nanontanian'I Pilaty : Iza no tianareo Jesoa sa Barabasy? Ka namaly Barabasy….Anjarantsika amin'izao fidirantsika amin'ny herinandro lehibe amin'ny famonjena antsika izao ny mandinika ny fiainantsika satria io fiainantsika io no manambara ny fidiran'i Jesoa ao Jerosalema.

Asain'ny Eglizy isika amin'izao herinandro masina izao hampiditra an'I Jesoa amin'ny fiainantsika, amin'ny fiainam-pianakaviantsika. Araky ny voalazan'i Md Paoly nanaiky ho farany ambany i Jesoa mba hamonjena antsika, mpiara-belona amintsika tokoa Izy, tsy nanafina ny tavany na ny sôrany Izy, nopotipotehina ny endrika maha-Andriamanitra Azy mba hahatonga antsika ho endrik'Andriamanitra. Tsy maintsy potehintsika ny fahotana, ny ratsy mba handraisantsika ny tsara.

Hararaoty àry ry Kristianina havana izao herinandro lehibe izao hihavanantsika amin'Andriamanitra, sy amin'ny mpiara-belona amintsika ary amin'ny tontolo manodidina antsika.

Inona ny dikan'izany fihavanana izany ? Hanaja ny maha-zanak'Andriamanitra antsika isika sy hivelona an'izany satria raha miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana isika dia hiara-hitsangana Aminy koa amin'ny Paka izay hitondra antsika amin'ny fiadanana dia ilay Jerosalema tanàna masina sy fiadanana. Ny Paka dia hitondra antsika amin'ny fiadanana tena izy, izany hoe hiara-belona amin'i Jesoa fiadanana isika ka ho eo anivon'ny Eglizy kely, ny fianakaviana ny fiadanana, ho eo anivon'ny fiaraha-monina, amin'ny toeram-piasana, any amin'ny sekoly, any amin'ny Eglizy iraka, amin'ny Eglizy fototra, amin'ny Eglizy fiombonana. Ny fiadanana dia ny fifandraisana jiaby mirindra araka ny naharian'Andriamanitra azy hatramin'ny voalohany. Izany no mahatonga antsika milaza fahariana vaovao ny famonjena nentin'i Kristy ho an'izay mandray azy. Ny olana dia isika tsy mandray…

Enga anie hiova hevitra isika jiaby ka hiara-hiditra amin'i Jesoa ao Jerosalema mba hiara-hitsangana Aminy tokoa ka ho Jerosalema vaovao no hiainantsika ilay Batemy hohavaozintsika amin'ny Sabotsy masina, ny toky nataontsika tamin'ny batemy dia batemy ivelomantsika miaraka amin'i Jesoa mpiara-belona amintsika. Masina Maria Reny tantano izahay hiara-dia amin'I Jesoa hatramin'ny Kalvery, hifikitra aminy fa izany no famonjena. Md Josefa mivavahà ho an'ny fianakaviana eglizy kely mba samy hahay hanararaotra izao herinandro lehibe izao mba ho fianakavina fianakaviana mivavaka tokoa fa indrindra amin'izao fanatanterahana ny Sinaody fijanonana faha-4 izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson